# Coopération Décentralisée Billère – Soavinandriana
# Fizaram-baovao – Aprily 2024

*« Nanomboka tamin'ny volana septambra 2023 lasa teo dia niditra tamin'ny andiany fahatelo amin'ilay tetik'asa « L'eau ici et là-bas » ny Coopération décentralisée Billère-Soavinandriana, izay hifarana ny volana Novambra 2024.*

*Ity tetik'asa ity moa dia mikendry indrindra ny fanatsarana sy ny fampaharetana ny fisitrahan'ny mponina ao Soavinandriana ny rano fisotro madio, fanadiovana ary fidiovana. Eo ihany koa ny fanamafisana ny fampahafantarana ireo tanjona ho an'ny fandrosoana lovain-jafy ho an'ireo mpiantra sy mpampianatra eny anivon'ny sekoly eto Soavinandriana sy any Billère.*

*Azo lazaina ho mizotra tsara amin'ny antsakany sy an-davany ireo asa isan-karazany raha ny hita ankehitriny. Mahavelom-bolo ihany koa ny mahita ny finiavan'ny ekipa eto sy any ».*

**Kanto RAKOTOARIMANANA, Mpandrindra ny tetikasa.**

## Lohahevitra1 – Rano, Fidiovana, Fanadiovana (EAH)

***Foto-drafitrasa***

- ✓ Mandeha tsara avokoa ireo pompin-drano 23 namboarina tamin'ny tetikasa 1 sy 2.
- ✓ Nahavita nanao fanitarana 04 tamin'ny volan'izy ireo madiodio ireo komity mpitantana ny rano eny amin'ny fokontany.

***Fanentanana / Fanaraha-maso***

- ✓ Atrikasa isak'herinandro miaraka amin'ny sampana miandraikitra ny Rano, Fidiovana sy Fanadiovana Soavinandriana (STEAH) sy ny Ekipa.
- ✓ Nizotra tsara ny andiany voalohany tamin'ny « Journée d'échanges » na « Fifanakalozan-kevitra » ho an'ireo komity mpitantana ny rano ka olana 43 no nandray anjara tamin'izany.





## Lohahevitra 2 – Fanabeazana ny mahaolona sy ny firaisan-kina iraisam-pirenena (ECSI)

***Fiofanana mikasika ny tanjona ho an'ny fandrosoana lovain-jafy na ODD ho an'ireo mpampianatra teto Soavinandriana.***

- ✓ 43 ireo mpampianatra nandray anjara tamin'io fiofanana io.

***Fanentanana mikasika ny ODD eny amin'ny sekoly :***

- ✓ 13 ireo kilasy mandray anjara any Billère ary 19 eto Soavinandriana.
- ✓ Mpilatsaka an-tsitrapo 2 : Luna eto Soavinandriana sy Rova any Billère.
- ✓ Eo amin'ny ankizy 1500 eo no voakasiky ny tetiksasa eto sy any.

## LOHAHEVITRA 3 – Fandrindrana sy fiaraha-miasa

***Fanamafisana ireo fifandraisana amin'ireo mpiara-miombonantoka eto an-toerana sy any ivelany.***

- ✓ Fiaraha-miasa amin'ny BEST mikasika ny fitantanana ara-bola.
- ✓ Fanaovazana ny fandraisana anjara amin'ny fikambanana Ran'eau.
- ✓ Fandalovan'i Thomas COSSE taty Itasy, Tale eo anivon,'ny Frances Volontaires.
- ✓ Fiaonanan tamin'ny ekipan'ny Région Nouvelle Aquitaine – Itasy.
- ✓ Fiaonana tamin'ny Tale jeneralin'ny fanantontolona, Ministère de l'Europe et des Affaires Etrangères.

### Ny EKIPA

***A Billère***

**Jacques CABANES**
Olom-boafidy ao Billère.
**Céline GARLENQ**
Tompon'andraikitra ny Services des transitions.
**Rova RAMIARIMANANANA**
& **Justine CHIAMBRIETTI**,
Mpilatsaka an-tsitrapo.

***A Soavinandriana***

**Kanto Maneva RAKOTOARIMANANA**
Mpandrindra tetikasa.
**Jaonarison RANDRIANANDRASANA**
Tompon'andraikitra EHA /ECSI.
**Luna RECHOU,**
Mpilatsaka an-tsitrapo.

*Tsy ho ela :*

**ECSI**
Fikarakarana hetsika ara-javakanto sy seho an-tsehatra ataon'ny mpianatra aty sy any.

**EAH**
Fanadihadiana eny anivon'ny fokontany mba ahafantantarana ireo **filàna eny ifotony** momba ny rano fisotro madio, fidiovana sy fanadiovana

**! AZA ADINO !**
**Fifidianana eto Madagascar**
Solombavam-bahoaka : **29/05/2024**

Ben'ny tanàna : **06/11/2024**

Fanazavana fanampiny : kantomaneva@gmail.com / C.Garlenq@ville-billere.fr / J.Cabanes@ville-billere.fr/www.billere.fr

*Ny Projet « L'eau ici et là-bas 3 » vatsian'ny tanànan'i Billère, ny Région Nouvelle Aquitaine sy ny Agence de l'Eau Adour Garonne vola.*